



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

### FAMPITAM-BAOVAO

#### **Fampitaovana ny tafika sy fampandriana fahalemana: hamerina indray ny hasin'ny tafika malagasy**

Napetraka androany 5 may 2019 ny faritra laharam-pahamehana amin'ny fampandriampahalemana ambanivohitra Alpha aty amin'ny faritra atsimo. Tonga nanatrika izany tao amin'ny toby BIA (Bataillon Inter Armée) Ihosy ny filoham-pirenena. Natolotra ho an'ny tafika androany ihany koa ny angidimby Écureuil B2 sy ny akanjo fiaro amin'ny bala ary masolavitra mahita alina. Angidimby hiadiana amin'ny asan-dahalo araka ny efa nampanantenaina nefà ihany koa ho ampiasaina amin'ireo toe-draharaha rehetra ilan'ny mponina azy, toy ny famonjena sy fitaterana ireo marary maika. Izany dia natao ho fanatanterahana ny filamatry ny tafika dia ny miaro, manampy sy manakaiky vahoaka hatrany. Nambaran'ny Filoha Andry Rajoelina ihany koa fa ho avy tsy ho ela ny fiaramanidina lehibe CASA izay afaka hitaterana entana mavesatra raha sendra tranga vonjimaika liana izany. Tao anatin'ny telo volana izao, noho ny ezaka sy baiko azon'ireo miaramila mpitandro manokana ny filaminana sy ny paikady napetraky ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena dia efa maro ireo dahalo no lavo na koa voasambotra, nitombo ireo omby very voaverina tamin'ny tompony. Tsy mijanona hatreо ny ezaka hoy ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA fa heady hamongotra ny asan-dahalo fahavalom-pirenena no tanjona. Ny foloalindahy rahateo miatrana andro aman'alina hanatanteraka izany ka tsy hitsanga-menatra ny tafika ankehitriny satria tafaverina ny Hasina mahatandroka aron'ny vozona azy ireo.

Sampandrahaharan'ny Serasera sy Fifandraisana

05-05-2019